Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

Aix Marseille

# MPAMAFY

NOELY 2020

**« Il sera pour toi un sujet de joie et d'allegresse, et plusieurs se réjouiront de sa naissance »**

**Luc 1 : 14**

## LIEU ET HORAIRE DE CULTES

**FPMA AIX-MARSEILLE**

**Eglise SAINTE-EMILIE de Vialar**

**258, Romain ROLLAND**

**13009 MARSEILLE**

**10h 30 - 12h 30**

## SOMMAIRE


Sommaire ..... 2

Teny fanolorana ..... 3

Grandeur de celui qui pardonne ..... 4

S .T. K ..... 5-6

A . M .A. F . I ..... 7-9

S . V . K ..... 10-11

S . A ..... 12-13

S. L. K ..... 14-17

Les diacres ..... 18

Les loholona, bureau et présidents de sections ..... 19

L'equipe gazety Mpamafy et remerciement ..... 20


## CONTACT


**Mpitandrina : RANDRIANANDRASANA Jeannot**

39, avenue des écoles militaires
13100 Aix-en-Provence

06 06 67 92 79

pasteur@fpmaam.org

**Filoha : RABEMANANTSOA Farilahiarivony**

44 Bd Bellevue de la Barasse
13011 MARSEILLE

06 98 21 30 56

president@fpmaam.org

# TENY FANOLORANA

***« ..ka hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany" Matio1:21***

**Ry Havana,**

**Ny Anjelin'Andriamanitra no nanambara tamin'I Josefa fofombadin'I Maria ny fahatongavan'ilay Mesia. Voalaza tamin'izany fa IZY no hamonjy ny oloNY ho afaka amin'ny fahotany. Zava-dehibe tokoa izany ka efa 2020 taona izao no hankalazantsika Kristianina izany vaninandro izany.**

**Mampiseho hatrany ny halehiben'ny Fitiavan'Andriamanitra antsika zanak'olombelona izany satria tsy mba nahafoy antsika mihitsy IZY hatrizay na dia matetika aza no mihodina Aminy. Hatrany amboalohany raha nanota I Adama sy Eva dia Izy Andriamanitra hatrany no nitady azy ireo. Hita ao amin'ny Genesisy 3 : 9 izany : « Ary Jehovah Andriamanitra dia niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hoe : Aiza moa ianao? » Manolotra ny famonjena tanteraka antsika ny Tompo fa ny hany hangatahiny sy setrin'izany dia ny finoantsika AZY amin'ny fo madio tsy misy olakolaka. Hoy ny teny ao amin'ny Deoteronomia 7:9 manamafy izany : "Koa aoka ho fantatrao fa Jehovah Andriamanitra ihany no Andriamanitra, dia Andriamanitra mahatoky, izay mitandrina fanekena sy famindrampo amin'izay tia AZY sy mitandrina ny didiny, hatramin'ny taranaka arivo mandimby"**

**Na dia mandalo fotoan-tsarotra aza izao tontolo izao noho ny valan'aretina mihanaka dia hita maso sy azo tsapain-tanana ny fitiavana lehibe hatoloNy antsika. Homeny ireo fitaovana sy fahalalana maro ahafahantsika miara-mivavaka sy mankalaza ny anarany ary indrindra mifampahery.**

**Herintaona lasa izay ry Havana raha nanao ny teny fanolorana teto amin'ny gazety Mpamafy ny mpanomponareo ny volana desambra 2019, dia nametraka ny "Ezaka trano " tamin'ny Tompo ho tontosa mialohan'ny Noely 2019. Manana ny fandaharany anefa IZY ary tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Eny porofo hita maso sy azo tsapain-tanana fa tia antsika IZY ary notanterahiny izany fanirian'ny Fpma Aix-Marseille izany ny faha 31 jolay 2020. Heniky ny hafaliana ny vahoakan'Andriamanitra koa dera sy laza no hatolotr'AZY ary fanomezana lehibe avy AMINY izao fahafahana mankalaza ny Noely voalohany ao amin'ny Fiangonana Sainte Emilie De Vialar izao.**

**Ny fanirianay Tompo dia ny hiorina mafy hatrany ao Aminao ka tsy misy afa-tsy ny Fitiavanao irery ihany no hamiratra ary na inona na inona fahaizana nomenao anay dia entinay izany hanompoana sy hanaovana izay sitrapoNao.**

**Dia mirary Noely sambatra sady miarahaba antsika amin'ny fo feno fitiavana tratr'izao Krismasy 2020 izao.**

**Amin'ny anaran'ny Fiangonana**

**Farilahiarivony Rabemanantsoa**

# Grandeur de celui qui pardonne

*Œil pour œil, dent pour dent, c'est la loi pour beaucoup,*
*Si on fait exception, on risque de passer pour fou.*
*Lucides, faisons le fou : quittons l'instinct normal,*
*Un réflexe spontané, rendre le mal pour le mal.*

*Sortons de l'ordinaire, prenons de la distance,*
*Décidés pour toujours de ne pas faire vengeance,*
*Convaincus de sa faute, nous allons l'étonner,*
*Car au lieu de frapper, préférons pardonner.*

*La vengeance enterrée, on gagne une paix solide.*
*Le cercle vicieux brisé, : c'est l'œuvre des fous lucides.*
*Si génie et folie sont frère et sœur banals,*
*Savoir bien pardonner est une folie géniale.*

*Mais qui sait pardonner, si ce n'est le plus grand ?*
*Le plus juste, le plus fort : il est sûr de son rang.*
*Le grand reste toujours grand, quand il donne, quand il pardonne*
*Approuvé, respecté, qu'il chante ou qu'il fredonne.*

*La faible parfois pardonne, serait-ce par obligation ?*
*Mais le grand qui pardonne est libre de ses actions.*
*La magnanimité, le privilège des seuls grands,*
*Est leur intime valeur, qu'ils soient pieds nus, sans gants.*



*A l'intérieur d'un peuple, toujours des différences,*
*Erreurs du Créateur, faites par inadvertance ?*
*Ou différences voulues, dont il faut se réjouir ?*
*Son prochain accepté, tout le monde va s'épanouir.*

*Comme tu ne meurs qu'une fois, tous tes méfaits passés*
*Seront mis sur ton compte…à moins d'être pardonnés.*
*Le jour du grand départ, hagard, le teint livide,*
*Tu n'emporteras rien, pas un sou, les mains vides !*

不好意思

*A quoi te serviront tous ces biens amassés ?*
*Ne faudrait-il pas lorgner côté Éternité ?*
*Au Ciel où en enfer : cela dépend de toi,*
*Les anges ou la vermine ? Compagnons de ton choix !*

*Rendre le bien pour le mal : c'est cela le pardon.*
*Quelqu'un d'Exceptionnel, de sa vie a fait don.*
*Le Champion du pardon, il a versé son sang,*
*Pour ta paix éternelle, c'est JÉSUS le plus GRAND !*

*Professeur RABARIOELINA Lala*
*08 Mars 2002*
*Et 12 Janvier 2017*

# « Mais où est Jésus ? »

Nous sommes le 24 décembre 2020, une famille se préparait à passer le réveillon de Noël ensemble comme tous les ans. Mais cette année, semblait être particulière, puisqu'ils avaient entendu que Jésus visitait leur ville.

La mère demandait à ses deux enfants, deux jeunes adolescents, de mettre la table. Ces derniers se disputèrent car ils ne voulaient pas la faire. Le père quant à lui, fatigué et affalé devant la télévision, haussa le ton et les incita à la faire ensemble car c'était Noël.

Tout à coup, la sonnerie retentit. Ils sont interrompus une première fois par un groupe d'amis. La jeune fille ouvrit et se retrouva devant une chorale de Noël. Cette chorale faisait appel à la générosité de la population et recueillait des dons auprès de toutes les familles du quartier pour aider une association de petits enfants.

L'adolescente déclina la proposition et ferma la porte. Après ce petit dérangement, la famille s'installa enfin à table. La mère demanda alors, à ce que l'on porte en prière le repas, le jeune garçon s'interrogea en disant mais on n'attend pas Jésus ? le père agacé, commença à prier et fut interrompu.

Une nouvelle personne sonna à la porte. Toute la famille se questionnait sur l'identité de ce nouveau venu. C'était un monsieur épuisé, sa voiture était tombée en panne et il n'y avait plus de dépanneur disponible à cette heure-ci. Il venait donc demander de l'aide à la petite famille. Malheureusement pour lui, la mère lui répondit négativement. Celle-ci revenait à table et ils commencèrent à manger. Ils rigolaient tous ensemble, parlaient de tout et de rien, du repas, des cadeaux… mais une fois encore ils se trouvèrent interrompus. Le jeune garçon espéra qu'il s'agissait enfin Jésus.

Mais ce n'était pas encore lui. Une vielle dame, leur rendit visite car il lui manquait un ingrédient pour sa recette. L'adolescent appela son père, et celui-ci lassé par ces interruptions incessantes ferma de nouveau la porte. Juste au moment où il allait reprendre place, une autre personne sonna à la porte.

Deux amis tremblant de froid les saluèrent et dirent : « On a vu qu'il y avait une croix sur votre porche, et on pensait que vous pourriez nous accueillir en tant que bons chrétiens que vous êtes ». La mère exaspérée claqua à nouveau la porte. Les deux hommes repartirent tristes et dans l'incompréhension.

La soirée avança et la famille terminait son repas. Il était minuit. Ils se demandèrent tous : « mais où est Jésus ? »

***« Je vous l'ai toujours montré : il faut travailler de cette façon pour aider les pauvres. Et il faut se rappeler ce que le Seigneur Jésus lui-même a dit : "Il y a plus de bonheur à donner qu'à recevoir." »***

***Actes 20 : 35***

Cette histoire nous fait comprendre plusieurs choses. Comme il est dit dans ce verset, nous devons servir et venir en aide à notre prochain comme si l'on servirait notre Sauveur. En effet le Seigneur et son Esprit Saint se trouvent en chacun de nous. Si nous sommes fidèles à Lui, pourquoi nous ne le sommes pas entre frère et sœur ?

L'amour devrait être le sentiment qui règne le plus en nous. Si nous n'aimons pas notre prochain comment pourrait-on être AMOUR en retour ?

En effet, il est dit dans l'Evangile selon Jean 13:34 : ***« Je vous donne un commandement nouveau : aimez-vous les uns les autres. Oui, aimez-vous les uns les autres, comme je vous ai aimés. »***

Nous devons apprendre à être patients mais aussi être prêts à accueillir Jésus sur cette terre. De plus nous ne devons pas juger par l'apparence. Nous avons pu voir, à travers cette histoire, que Jésus était là depuis le début, Il se trouvait dans chacun de ces personnages rejetés par cette famille.

Nous, chrétiens avons l'habitude de toujours fermer la porte, et avons notre propre définition de Jésus. Nous pouvons donc, nous questionner, en ce temps de Noël : sommes-nous prêts à accueillir Jésus dans notre cœur ? sommes-nous prêts à l'accueillir dans tous les domaines de notre vie ?

Les STKAM vous souhaitent de joyeuses fêtes 😊

Soyez remplis de paix et d'amour !

# POURQUOI FAIRE DU SPORT ?

Renforce l'ORGANISME

Fait perdre du POIDS

Prévient les maladies

Améliore la concentration

Permet de DÉSTRESSER

Augmente l'ENDURANCE

Augmente la masse musculaire

Rend HEUREUX

Donne confiance en soi

Fait chuter la pression artérielle et le cholestérol

# Antoko Mpihira Antsa Fiderana (A.M.A.FI)

## TARI-DÀLANA HO AN'NY AMBOARAMPEO sy ny MPITARIKA

(Tohiny)

**21. REHEFA MAMPIANATRA HIRA**

(….) Efa nahavaky boky betsaka ny mpitarika mba hanan-kolazaina malalaka rehefa miady hevitra amin‘ny mpihira. Hainy tsara ny dikan‘ny tononkira ka mora aminy ny mampita izany amin‘ny mpihira ary mora amin‘ny mpihira ny mandray ny heviny.
Soratana eny amin‘ny fafana na zaraina amin‘ny taratasy ny laharan-kira ianarana mba tsy ho very fotoana amin‘ny fitadidiana azy ny mpihira.
Efa voamariny mialoha ny refy sarotsarotra ao amin‘ny hira mila fandaminana bebe sy ny fomba hitsaboany azy. Ao amin‘ny boky na ny takelan-kira eny an-tànan‘ny mpihira moa dia efa voamarika 1, 2, 3, 4,...99, 100...daholo ny refy rehetra

ka ho mora ny fanoroana ny tapany tokony haverina. Eo no ilàna pensily hazo sy gaoma raha toa ka tsy vita marika ny refy rehetra, ary koa hanamarihana ny faritra tian‘ny mpitarika hiraina ff na f na p na miha-miadana (ralentendo), sns...Misy mpitarika manamarika eny amin‘ny takila-bokiny amin‘ny pensily hazo miloko maro karazana ny mafy sy malemy, ny haingana sy miadana, mba hanampy ny fihetsiny rehefa mibaiko. Tsy hampianatra hira mihitsy ny mpitarika raha tsy efa nianarany samy irery sy voamariny mialoha ny zavatra ho entiny eo anatrehan‘ny mpihira.

Misy fomba maro entina mampianatra hira: raha kinga amin‘ny famakiana sorapeo solfa na naoty ny mpihira dia azo atao mialoha ny mihira manontolo ny hira ianarana vao miverina amin‘ny antsipirihiny. Azo atao koa ny mianatra ny hira refy isan-drefy vitsivitsy mitambatra, na fehezan-kira isam-pehezan-kira, ka avy hatrany dia atao ny fanitsiana syny fanamarihana ankapobeny momba ilay hira. Amin‘ny fotoana iray dia azo atao aloha ny mitady izay hahaizana ny feon-

kira fotsiny, amin‘ny manaraka mifototra mafy amin‘ny fanononana ny teny, amin‘ny manaraka mifototra hampanana aina ny hira avoaka. Tsy ho zava-tsarotra na ho mora avokoa no atao amin‘ny fotoam-pianaran-kira iray fa elanelaninahira efa hay taloha na moramora kokoa ny hira sarotra. Ampifandanjaina ny hira mila herin-tsaina sy havokavoka fohy ezaka ary lavitra ezaka.

Hazavain‘ny mpitarika manokana izay faritra tadiaviny hatsaraina rehefa mampamerimberina andàlana sarotra izy, ohatra ny ngadona, ny fametrahana sy fanononana ny tononkira, ny hamarin‘ny feo manakatra elanelam-peo. Tsy tapatapahiny im-betsaka eny am-pihirana ny olona fa andrasany ho vita ny andàlana nasainy naverina vao milaza ny heviny izy. Amin‘izay dia mihena ny fiheverana azy ho tsy refesi-mandidy loatra. Raha mbola eny am-pihirana ny olona no lazainy ny heviny (hoe tsara, izay tokoa,sns.) fa tsy tapahina ny fisosan‘ny hira.

Raha fanitsiana lehibe no tadiavina dia asaina mamerina tsirairay ny anjarany ny isam-peo, S, A, T, B, na asaina miara-droa, SA, ST, SB,AT, AB, TB, na telo SAT, SAB, STB, ATB. Raha mamerina irery ny isam-peo dia asaina mihaino tsara ny isam-peo sasany, na asaina manaraka amin‘ny masony sorapeo anjarany, na asaina manaraka mangina manao «hm» ny anjaram-peony. Hiraina miadana aloha ny andàlana tiana hahitsy vao hafainganina tsikelikely hanaraka ny tena ban-kira. Ho haingana kokoa ny fanitsiana raha mihira mampiseho ohatra ny mpitarika fa tsy lany andro manao kabary tsy valiana feno voambolana ampisehoany ny fahalalàny. Raha mampiasa fandraisam-peo enti-mandeha ny mpitarika dia raisiny eo am-pikatrohana ny vitan‘ny mpihira, dia iaraha-mihaino sady atoro ny tsy mety; vita ny androatokon‘ny fanitsiana amin‘izay fa tsy mila kabary betsaka

intsony. Tsy vizanina loatra mamerimberina ny mpihira fa sady mandany fotoana izany no mahaketraka azy. Tsy hitahita eo ange dia lany ny ora iray sy sasany fianaran-kira. Ny fiatrehana fiovàna aingam- peo (kle) mandrakariva no manahirana rehefa mamaky ny sorapeo sady mihira azy. Atao izay ny handany fotoana be loatra eo amin‘ny famolahana azy. Tsy mangala-potoana ny mpitarika fa ravàny amin‘ny fotoana marina ny fianaran-kira. **Raha mahatsiaro ny mpianatra fa nitondra nody zava-baovao tamin‘iny fotoana nianaran-kira iny dia tratra ny tanjona.**

Isaky ny vita ny famerenan-kira dia manao jery kiana amin‘ny tenany ny mpitarika: inona no tsy nety tamin‘ny fomba fitarihany, tratra ve ny tanjona, inona ny lesoka sy tombony azo, soratany ny hevitra tokony hanatsarana ny ho avy, toy ny fahitany fomba vaovao sy traikefa vaovao azony ampiasaina amin‘ny manaraka. Tsy mandainga amin‘ny tenany izy rehefa manao izany fa mandini-tena mangarahara eo anoloan‘ny fitaratra ary miantso fanakianana avy amin‘ny namana. Tsara raha mampiasa fandraisam-peo izy hihainoany ny famerenan-kira iray manontolo ka handanjalanjàny ny ezaka vita sy ny mbola tokony hohatsaraina. Soratany ny teny manainga efa fampiasany sy ny vao hitany. Mampiasa saina tsara izy fa tsy sodokan‘ny fihetseham-po rehefa mirehareha amin‘ny fandrosoana vitany.

**Zava-dehibe ny fiaraha-miasan‘ny mpitarika sy ny mpitendry ôrga na pianô mpanaraka ny fianaran-kira. Tsy mitendry irery ho an‘ny tenany ny mpanaraka hira amin‘ny zavamaneno fa tsy maintsy mampirindra fisainana izy sy ny mpitarika**.

Tonga mialoha miaraka amin‘ny mpitarika ny mpitendry, efa mivatsy ny boky ilainy rehetra, dia miara-midinika izy roa tonta mialohan‘ny fianaran-kira mba tsy hahavery fotoana amin‘ny fampiatoana lava ny fotoana, sy ny fanitsian-kira ary ny fifankahazoan-kevitra momba ny fampiarahana, ohatra ny ngadona hajaina. Tsy eo am-pianaran-kira vao hianatra ny azy ny mpitendry. Ny mpitendry za-draharaha dia mahalala avy hatrany ny làlana tian‘ny mpitarika haleha, omeny mialoha foana ny aingam-peo raha mamerina tsy misy zavamaneno ny mpihira. Mianatra mitendry irery any an-tranony ny an-dàlana sarotsarotra rehetra ny mpitendry, ampiasainy daholo ny ngadona miadankadana sy ny haingana mba ho mora aminy ny manaraka ny tena hafainganana tian‘ny mpitarika hivelezana ny ngadona. Voamariny pensily hazo ny refy rehetra raha tsy vita printy efa hatrany am-potony mba ho hitany haingana ny faritra tian‘ny mpitarika hanombohana na hiverenana. Marihiny toy izany koa ny andàlam-pehezan-kira sy ny baikon‘ny mpitarika.

Misolo ôrkesitra ny ôrga na ny pianô ka miankina betsaka amin‘ny mpitendry ny fanomezana endrika misy ôrkesitra ny hira, nefa na izany aza tsy mandeha irery izy fa tsy manaraka ny mpitarika. Manongilana tsara ny sofiny amin‘ny ataon‘ny mpihira ny mpitendry ka raha misy very dia vonjeny tendrena mafy ny faritra nahavery ny mpihira mandra-pahitan‘ny mpihira ny làlany. Mandra-pahaizana ny hira dia mitendry manaraka ny mpihira aloha ny mpitendry ôrga na pianô mba hanampiana ny mpihira, dia ahenany tsikelikely izany rehefa matoky tena ny mpihira. Rehefa misy anjaran‘ny mpitendry irery any an-tenantenan‘ny hira any, rehefa hain‘ny mpihira tsara ny anjarany vao ampidirin‘ny mpitendry ny anjarany mandeha irery. Raha manome haavon‘ny aingam-peo ny mpitendry dia re tsara kokoa izany raha oktava no anomezana azy.Tsy misalovana ny anjaran‘ny mpitarika ny mpitendry ka manome hevitra eo am-pianaran-kira momba ny tokony hihirana ilay hira. Raha manontany azy ny mpitarika vao manome ny heviny izy.

Aorian‘ny fianaran-kira izy vao manambara amin‘ny mpitarika ny faritra tsy nety fa tsy voamariky ny mpitarika. Tsy toroana hevitra intsony ny mpitendry ny amin‘ny fanamafisan-toerana tsara ny bokiny mba tsy ho latsaka raha sendra mikoropaka izy eo am-pamadihana takelaka.

(Mbola hitohy)

**Lucien Emmanuel RANDRIANARIVELO, Mpikambana ao amin'ny Akademiam-pirenena Malagasy**
Nangonin’i Hery RAMANGASALAMA

# NY FOKO KOA MBA TRANON'OMBY

Tonony sy feony Antra Fanantenana ABDINAGO

**Do dia D** 4/4 DC.

| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| mm.m | : | d.s, | \| | -.d | : | m.l | ss.s | : | m.d | \| | -.m | : | r.d | rr.r | : | r.f | \| | t,.s, | : | m.r | d | : | – | \| | – | : | – |
| dd.d | : | s,.s, | \| | -.s, | : | d.r | mm.m | : | d.s, | \| | -.d | : | t,.s, | t,t,.t, | : | r.t, | \| | s,.s, | : | d.t, | s, | : | – | \| | – | : | – |
| ss.s | : | m.m | \| | -.l | : | s.f | d'.d'.d' | : | s.m | \| | -.s | : | f.m | ff.m | : | f.l | \| | f.r | : | sfif | m | : | – | \| | – | : | – |
| dd.d | : | d.d | \| | -.s | : | m.r | dd.d | : | d.d | \| | -.d | : | m.l | ss.s | : | s.r | \| | s.f | : | m.r | d | : | – | \| | – | : | – |

1-Tsy Betlehelma in- tsony no naha- tera- ha nao r'IlayMe-sia fa atoam-poko ao
1-Tsy tranon'omby in- tsony no lapa- nao fa ny fo sainafa- na-hy sy fi- aina- ko

2- Ry mpino maro i- zay ma- natrika eto a- za he verina tranon'omby intsony re
2- Ny naha-tera han' Ilay Jesoa Mpanjaka fa mba ho- bio sy derao ao am-ponao ao

**$1** 1 **D.S.1**

| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ff.m | : | f.s | \| | l.s | : | f.r | (m)m.r | : | m.f | \| | s.f | : | m.d | rr.f | : | r.t, | \| | -.s | : | l.m | s | : | – | \| | – | : | – |
| dd.t, | : | d.f | \| | f.f | : | r.t, | (d)d.l, | : | d.r | \| | r.d | : | d.s, | t,t,.r | : | t,.s, | \| | -.t, | : | d.r | m | : | – | \| | – | : | – |
| ll.si | : | l.t | \| | d'.t | : | l.f | (s)s.fi | : | s.l | \| | t.l | : | s.m | ff.s | : | f.r | \| | -.r | : | m.l | s | : | – | \| | – | : | – |
| ff.m | : | f.r | \| | r.s, | : | l,.t, | (d)d.l, | : | d.d | \| | d.l, | : | d.l, | s,s,.t, | : | r.s, | \| | -.s | : | l,.t, | d | : | – | \| | – | : | – |

1- Terak'ia- nao ato ampoko r'Ilay Me-sia tsy hoso-loiko ka faly aho man- dray A-nao
1- Tsy vola- mena vato- soa no ha to-lotro AnaoJe- soa

2- Aza fi- naritra hampi- dera fitafia- na voa- zaitra tsara fa mba di- ovy re ny fo nao
2- Tsy ny sa-kafo tsara voatra no hidi- ranao any an-koatra

2 **$2**

| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| rr.f | : | r.t, | \| | -.m | : | ri.r | d | : | – | \| | -.l | : | -.l | s | : | – | \| | -.l | : | l.l | s | : | – | \| | -.s | : | l.s |
| t,t,.r | : | t,.s, | \| | -.d | : | l,.t, | s, | : | – | \| | | : | | -.m | : | m.rm | \| | | : | | -.m | : | s.fm | \| | -. | : | |
| ff.s | : | f.r | \| | -.s | : | sfif | m | : | – | \| | | : | | -.d' | : | d'.d'd' | \| | | : | | -.d' | : | d'.d'd' | \| | -. | : | |
| | | | | | | | | | | | | | | No- | | eliko | | | | | | No- | | eliko | | | | |
| s,s,.t, | : | r.s, | \| | -.s | : | l,.t, | d | : | – | \| | -.f | : | -.f | d | : | – | \| | -.f | : | f.f | d | : | – | \| | -.d | : | m.l |

1-fa fo voadiom-pi- be- baha- na Noe- li- ko No- eli- ko Sa- tria
2- RaisoJe- so aho ao am-po- nao

**D.S.2 FIN.**

| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| t.r' | : | t.ls | \| | .-sss | : | l.td' | .-d' | : | d'.d'd' | \| | – | : | – | | | | | | | | | | | | | | |
| s.s | : | s.sf | \| | .-ffr | : | s.fm | .-m | : | f.rm | \| | – | : | – | | | | | | | | | | | | | | |
| r'.r' | : | r'.r'r' | \| | .-r'r's: | | l.ts | .-s | : | l.ls | \| | – | : | – | | | | | | | | | | | | | | |
| s.s | : | s.ss | \| | .-ssf | : | m.rd | .-d | : | f.fd | \| | – | : | – | | | | | | | | | | | | | | |

ato ampoko teraka Jeso I- lay Mesia

*« Fa ianao, ry Betlehema Efrata, Izay kely tsy tokony ho isan'ny arivon'i Joda akory, Dia avy ao aminao no hivoahan'Izay anankiray ho Mpanapaka ho Ahy ao amin'ny Isiraely ; » (Mika 5.1)*

Antsa Fiderana FPMA Aix Marseille
AMAFI
**Novambra 2020**

## KRISMASY FIFALIANA

“Fifaliana lehibe” izany no feon’ireo Anjely.
Re manako eran-danitra tamin’ny alin’ny Noely.
Fifaliana lehibe ? mba vaovao manaitra ve izany ?
Aza dia variana loatra na mankamamy itony tany.

Mitsingerina eto indray ilay fety mamy, Krismasy.
Mankalaza izany isika tsy misy izay mangasiasy.
Raha tianao sy maminao tokoa ny mifaly.
Halaviro hatrany ny fiainana mijaly.

Dieny izao, mitaona anao mba handray ny Mesia
Dia Ilay Kristy Mpamonjy tokana, eny mifalia
Ny takiana amintsika, aoka re hisy fanavaozana.
Ny fahazaran-dratsy rehetra indro hilaozana

“Fifaliana lehibe” nampidinana avy any an-danitra
Manambara ny fara-tampon’ny fitiavan’Andriamanitra
Ho anao tokoa ity fifaliana avy any ambony.
Ny mety : manolora tena, ny fo sendaotra dia ho tony

Hatony Ilay Mpamonjy ho an’izao tontonlo izao
Izy no lalam-pifaliana mazava ka itaomana anao
Mba handray Azy ao am-po “fifaliana lehibe”
No zaraina ho an’ny olona rehetra izay mandre.

*Hanta R.*

## MIFOHAZA RE RY TANY

Mifohaza re ry tany, mandrenesa koa ianao
Ny mazava lehibe no efa tonga aty izao
Ao Betlehema sy ao an-tranon'omby koa
No indro tonga ho anao ilay Jesosy Zaza soa

Mpiandry ondry maro tao an-tsaha no mandre
Izay nambaran'ny Anjely tamin'ny ali-maizimbe
Ka dia lasa mba nizaha izany zavatra vao re
Sy nidera an'Andriamanitra tamim-pifaliana be

He ny kintana eny ambony mibaliaka sady soa
Mitsilo manazava ity alin-tsy manapaharoa
Injany hira kanto miraondraona fatratra
Fa teraka ao tokoa ilay Mpanjaka tonga lafatra

Moa mba efa henonao ve fa ao anivon'alina ao
Feon'Anjely sambatra miventy tsanta vaovao
Mitory sy milaza manambara zava-dalina.
Re mandrotsirotsy izany alina.

Indreo ny olon-kendry na ilay hatao hoe : Magy
Nisaotra sy nanolotra fanomezana ho azy
Dia miora, volamena ary miampy zava-manitra
Mba ho an'i Jesoa Zaza Tompo Zanak'Andriamanitra

Mifohaza re ry tany ndeha hiventy any Antema
Mihobia, mifalia fa azonao ny famonjena
O! Ingao ny hiranao hanakoako ankehitrio
Fa Mpamonjy no teraka ho antsika anio.

*Hanta R.*

# Ecole de dimanche

***En ce moment, c'est l'Avent! Savez-vous ce que cela veut dire?***

On se prépare et l'on pense à beaucoup de choses: le sapin, les guirlandes, les magasins décorés, la maison toute belle, les cadeaux,... Mais le plus important, c'est Jésus qui vient pour chacun; alors, chacun prépare son cœur pour l'accueillir.
Marie, elle aussi s'est préparée à accueillir Jésus. Elle s'y est préparée comme toutes les mamans du monde mais en plus, avec beaucoup de respect et d'amour car elle savait que son enfant venait de Dieu et qu'il serait Fils de Dieu.
Marie a attendu dans le silence et la prière.
Marie n'était pas seule dans cette attente. A côté d'elle, il y avait Joseph. Il aimait beaucoup Dieu et avait choisi d'aider Marie à élever Jésus.
Comme Marie et Joseph, nous pouvons, nous aussi, préparer notre cœur pour accueillir Jésus. Nous pouvons prendre un peu de temps tous les jours pour penser à lui, et cela, nous pouvons le faire n'importe quand, n'importe où, puisque l'important est à l'intérieur de nous.

## **PRIÈRE**:

Aujourd'hui, Jésus, tu ne nais plus dans une étable...
Mais tu veux naître, dire le secret de Dieu,
Dans toutes les maisons, dans tous les cœurs.
Tu veux des millions de crêches en nos cœurs pour que l'Amour habite le monde,
Tu veux des millions de bras pour que la paix rayonne sur la terre,
Tu veux des millions de visages pour que vive partout le sourire de Dieu,
Tu veux des millions de Noël pour que naisse enfin l'homme image de Dieu.
Jésus, viens ouvrir nos maisons et nos cœurs pour dire avec toi:

Gloire à Dieu Notre Père!

# S L K

Eglise Vialar
Avant-après du 27/09/2020

## Façade « Église Vialar »

## Façade « Église Vialar »

Pendant

## Façade « Église Vialar »

# Avant-après du 13/10/2020

"

## Nettoyage

- Débarras des encombrants,

Avant

## Nettoyage

Pendant

Nettoyage de toutes les surfaces et de tous les mobiliers au kärcher,

## Nettoyage

Désinfection de toutes les surfaces et de tous les mobiliers.

Après



Église Vialar
Avant-après du 14/11/2020

# Le grand écran

Avant



- conception et fabrication d'un grand écran,
- préparation du mur pour l'accrochage du grand écran,
- mise en place du grand écran.

# Le grand écran



Après

Église Vialar
Avant-après du 22/12/2020.
"Réfection Cour extérieure" (devant l'église)

## Cour extérieure

Avant



## Cour extérieure

-comblement des trous dans la cour et sur le trottoir avec des gravats,
-cimentation des trous.

Pendant

## Cour extérieure

Après

Hary RATIARISON

# GROUPE DES DIACRES 2020-2021



LOHOLONA

RAKOTONIAINA Charles

RANDRIANARIDERA Jocelyne

RAMIADANARISOA Olga

RALIMBIMANANA Gérard

RANDRIAMARO Jules

RANDRIAMARO Noro

RATSIMANDRESY Faralahinavalona

| BIRAO | | FILOHAN'NY SAMPANA | |
|---|---|---|---|
| Pasteur | RANDRIANANDRASANA Jeannot | Sekoly alahady | RABEMANANTSOA Ony Mamy |
| Président | RABEMANANTSOA Farilahiarivony | Tanora Kristianina | RABEMANANTSOA Marina |
| Vice-président | RANDRIANARIVELO Nirina | Vehivavy Kristianina | RAZAFIMAHATRATRA Hantanirina |
| Conseiller | RANAIVO Tantely | Antoko mpihira | RAKOTONANAHARY Tantely |
| Secrétaire | ANDRINJAKA Lanto | Zava-maneno | RAKOTONIAINA Liliane |
| Gestionnaire | RAJOELISON Ange | Fifohazana | RAMIADANARISOA Olga |
| Trésorier | RAKOTONIRAINY Eddie | Tily | RALAIARIMALALA Mola |
| Secrétaire financière | SCOTT Herizo | Lehilahy Kristianina | RAVELOJAONA Toky |

**MPIANDRAIKITRA NY GAZETY MPAMAFY**

| | |
|---|---|
| Mpitandrina : RANDRIANANDRASANA Jeannot | +33 6 62 67 92 79 |
| Filoha : RABEMANANTSOA Farilahiarivony | +33 6 98 21 30 56 |
| RAKOTONIRAINY Voahirana | +33 4 91 51 19 56 |
| RAMALASON Lala | +3 3 6 82 55 75 50 |
| RATIARISON Hary | +33 6 10 05 82 20 |
| RAMANGASALAMA Hery | +33 6 69 16 55 12 |
| RABEARIMANANA Tolona | +33 6 32 71 46 84 |
| RAFANOHARANA Simone | +33 6 51 14 56 97 |
| RANDRIANARIDERA Clément | +33 6 22 17 38 50 |
| RANDRIANARIDERA Jocelyne | +33 6 26 94 53 77 |

ETUDES BIBLIQUES

Vendredi 20h – sur zoom

Nous espérons que vous avez apprécié la lecture de ce numéro de Gazety Mpamafy.

Un grand merci pour tous vos articles,

À Dieu seul soit la gloire

*Ny voninahitra ho an'Andriamanitra irery ihany.*